

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana -Fahamarinana

**ASSEMBLE NATIONALE**  
**Antanimieram-pirenena**

**LOI n°95-038**  
**autorisant la ratification des amendements de 1993**  
**à la Convention portant création de l'OMI**

**EXPOSE DES MOTIFS**

La Conférence Maritime des Nations-Unies a adopté le 06 mars 1948 la Convention portant création de l'Organisation Maritime Internationale (OMI) entrée en vigueur le 17 mars 1958 et connue jusqu'au 22 mai 1982 sous l'appellation de Convention portant création de l'Organisation Intergouvernementale Consultative de la Navigation Maritime (OMCI).

Cette Organisation se compose d'une Assemblée, d'un Conseil, de Comité et sous-comités qu'il est indispensable de développer un peu plus. Ainsi, à l'heure actuelle :

- L'Assemblée comprend 150 États membres dont Madagascar depuis le 8 mars 1961. Elle se réunit en sessions ordinaires une fois tous les deux ans et en sessions extraordinaires si besoin est. L'Assemblée approuve le programme de travail, vote le budget, détermine les arrangements financiers de l'Organisation. Elle élit le Conseil ;

- Le Conseil regroupe 32 États membres élus par l'Assemblée pour un mandat de deux ans. C'est l'organe exécutif de l'organisation responsable devant l'Assemblée de la bonne marche des travaux ;

- les quatre Comités principaux sont : le comité de la Sécurité maritime; le comité de la protection du milieu marin ; le comité juridique et le comité de la Coopération technique. Il y a en outre le comité de la Simplification des formalités établi en mai 1972. Tous les États membres sont participants à chacun des comités ;

- Onze Sous-comités assistent le comité de la Sécurité maritime. Il s'agit des sous-comités des produits chimiques en vrac ; du Transport des marchandises dangereuses ; des conteneurs et des cargaisons ; de la Prévention de l'incendie ; de la Sauvegarde, de la recherche et du sauvetage ; des Radiocommunications ; de la Sécurité de la navigation, de la Conception et de l'équipement du navire ; de la Stabilité et des lignes de charge et de la sécurité des navires de pêche ; des Normes de formation et de veille ; de l'Application des instruments par l'Etat du pavillon.

A sa 18ème session, l'Assemblée a adopté, par sa résolution A.735 (18) des amendements à la convention portant création de l'OMI, étant convaincue qu'une plus large représentation des États membres s'avère opportune à une époque où un nombre grandissant de pays vient rejoindre l'OMI. Ces amendements visent à fixer :

- le nombre des États membres au Conseil à 40 élus, répartis suivant qu'ils sont soit intéressés à fournir des services internationaux de navigation maritime (10) soit intéressés dans le commerce international maritime (10) soit ayant des intérêts particuliers dans le transport maritime ou la navigation (20) ;

- le quorum du Conseil à 26 membres.

Les membres du Conseil ont exprimé l'espoir que ces amendements soient acceptés par le nombre requis de membres pour pouvoir entrer en vigueur avant la 19<sup>ème</sup> session ordinaire de l'Assemblée qui se tiendra du 13 au 24 novembre 1995.

L'article 66 de la Convention portant création de l'OMI stipule que l'entrée en vigueur des amendements intervient 12 mois après le dépôt auprès du Secrétaire Général de l'Organisation des Nations-Unies des instruments d'acceptation par les deux tiers des membres de l'OMI. Cependant, neuf Gouvernements membres seulement ont envoyé leurs avis jusqu'à présent. C'est pourquoi l'Organisation Maritime Internationale a sollicité que Madagascar se prononce le plus tôt possible.

Tel est l'objet de la présente loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana

**ASSEMBLEE NATIONALE**  
**Antenimieram-pirenena**

**LOI n°95-038**  
**Autorisant la Ratification des amendements de 1993**  
**à la convention portant création de l'OMI**

L'Assemblée nationale a adopté en sa séance du 15 novembre 1995 la Loi dont la teneur suit :

**Article premier** : Est autorisée la ratification des amendements à la Convention portant création de l'Organisation Maritime Internationale adoptés par son Assemblée suivant sa résolution A.735 (18) du 4 novembre 1993.

**Article 2** : La présente loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'État.

Antananarivo, le 15 novembre 1995.

LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE NATIONALE,  
LE SECRETAIRE,

ANDRIAMANJATO Richard Mahitsison

## **ANNEXE**

### **AMENDEMENTS A LA CONVENTION PORTANT CREATION DE L'ORGANISATION MARITIME INTERNATIONALE**

#### **PARTIE VI**

#### **LE CONSEIL**

##### **Article 16**

Remplacer le texte de l'article 16 par le texte suivant :

"Le Conseil se compose de quarante membres élus par l'Assemblée"

##### **Article 17**

Remplacer le texte de l'article 17 par le texte suivant :

"En élisant les membres du Conseil, l'Assemblée observe les principes suivants :

a) dix sont des États qui sont les plus intéressés à fournir des services internationaux de navigation maritime ;

b) dix sont d'autres États qui sont les plus intéressés dans le commerce international maritime ;

c) vingt sont des États qui n'ont pas été élus au titre des alinéas a) ou b) ci-dessus, qui ont des intérêts particuliers dans le transport maritime ou la navigation et dont l'élection garantit que toutes les grandes régions géographiques du monde sont représentées au Conseil".

##### **Article 19 b)**

Remplacer le texte de l'alinéa b) de l'article 19 par le texte suivant :

"b) vingt-six membres du Conseil constituent le quorum"

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana

**ANTENIMIERAM-PIRENENA**  
Assemblée Nationale

**LALANA LAHARANA FAHA-95-038**  
**anomezan-dalana ny fankatoavana ireo fanamboarana**  
**tamin'ny 1993 momba ny fifanarahana nananganana**  
**ny Fikambanana Iraisam-pirenena mikarakara**  
**ny eny an-dranomasina (OMI)**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Ny Fihaonamben'ny Firenena Mikambana mikarakara ny eny an-dranomasina dia nandany ny 6 marsa 1948 ny Fifanarahana nananganana ny Fikambanana Iraisam-pirenena mikarakara ny eny an-dranomasina (OMI), nañan-kery ny 17 marsa 1958 ary fantatra hatramin'ny 22 mey 1982 tamin'ny anarana hoe Fifanarahana nananganana ny Fikambanana Iraisam-pirenena samihafa atao filan-kevitra momba ny fifamoivoizana an-dranomasina (OMCI).

Io Fikambanana io dia misy Antenimiera, Filan-kevitra, Komity ary Sampana komity, izay samy hovoaboasana manaraka etoana.

Amin'izao fotoana izao dia :

- 150 ny Firenena mpikambana ao amin'ny Antenimiera, anisan'izany i Madagasikara hatramin'ny 8 marsa 1961. Mivory ara-potoana indray mandéha isaky ny roa taona izy ary mivory tsy ara-potoana raha ilaina. Mankato ny fandaharan'asa izy, mandany ny teti-bola, mamaritra ny fandaminana ara-bolan'ny Fikambanana. Mifidy ny Filan-kevitra ihany koa ny Antenimiera ;
- 32 ny Firenena mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra izay nofidin'ny Antenimiera hiasa mandritra ny roa taona. Io no antokon-draharaha mpanatanteraky ny Fikambanana, tompon'andraikitra voalohany eo anatrehan'ny Antenimiera ny amin'ny fampandehanana tsara ny raharaha ;
- 4 ny Komity : ny komity misahana ny fandriampahalemana eny an-dranomasina ; ny komity misahana ny fiarovana ny tontolon'ny eny an-dranomasina ; ny komity misahana ny momba ny Lalana ary ny komity misahana ny fifanampiana ara-tekhnika. Ankoatra ireo dia misy ihany koa ny komity misahana ny Fanamorana ny fepetra mifehy ny fitaterana an-dranomasina tamin'ny mey 1972. Ny Firenena mpikambana rehetra dia mpanandray anjara amin'ny komity tsirairay ;
- 11 ny Sampana komity manotrana ny komity misahana ny Fandriampahalemana eny an-dranomasina izay ireto avy : ny misahana ny Vokatra simika tsy mifono ; ny misahana ny Fitaterana ny entana mampidoza ; ny misahana ny Vata vy sy ny entana ao anatiny ; ny misahana ny Fitandrovana ny hay tsy hipoitra ; ny misahana ny Fiarovana, ny fikarohana sy ny famonjena ; ny misahana ny fampielezam-peo ; ny misahana ny Fiantohana ny fifamoivoizana ; ny misahana ny Famolavolana sy ny fampitaovana ny sambo ; ny misahana ny fiorenana sy ny lalan'ny entana ary ny fiantohana ny sambo mpanjono ; ny misahana ny Fitsipika momba ny fanofanana sy ny fiambanana ; ny misahana ny fampiasan'ny Firenena tompon-paneva an'ireo fitaovana fampiasa eny an-dranomasina.

Tamin'ny fotoam-pivoriana faha-18, araka ny fanapahan-kevitra A.735 (18), no nandanian'ny Antenimiera ireo fanamboarana momba ny Fifanarahana nananganana ny Fikambanana Iraisam-pirenena mikarakara ny eny an-

dranomasina, noho izy resy lahatra fa ilaina ny fampivelarana ny fandraisan'anjaran'ireo Mpikambana ao aminy, amin'ny vaninandro ankehitriny izay mampitombo isa ireo Firenena tonga mahatevin-daharana ny OMI.

Ireo fanamboarana ireo dia mikendry ny :

- hampakatra ny isan'ny Firenena mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra ho 40 ka tsinjaraina ho toy izao, na mirona hamokatra asa iraisam-pirenena momba ny fifamoivoizana an-dranomasina (10), na mirona amin'ny varotra iraisam-pirenena mikasika ny eny an-dranomasina (10), na manana tombontsoa manokana amin'ny fitaterana an-dranomasina na amin'ny fifamoivoizana an-dranomasina (20) ;

- hampakatra ny isan'ny mpikambana mahatapa-draharaha ao amin'ny Filan-kevitra ho 26.

Manantena ny mpikambana ao amin'ny Filan-kevitra fa hotohavin'ny ankamaroan'ny mpikambana, alohan'ny fotoam-pivoriana ara-potoana faha-19-n'ny Antenimiera, izay hatao ny 13 ka hatramin'ny 24 novambra 1995, ireo fanamboarana ireo mba hanan-kery.

Ny andininy faha-66-n'ny Fifanarahana nananganana ny fikambanana iraisam-pirenena mikarakara ny eny an-dranomasina dia mamaritra fa manan-kery ireo fanamboarana 12 volana aorian'ny fametrahana, any amin'ny Sekretera Jeneralin'ny fikambanan'ny Firenena Mikambana, ny taratasim-pankatoavan'ny roa ampahatelon'ny mpikambana ao amin'ny OMI. hatramin'izao anefa dia Firenena 9 ihany no mbola nanome ny heviny. Izay no mahatonga ny Fikambanana iraisam-pirenena mikarakara ny eny an-dranomasina hiangavy an'i Madagasikara mba hanome ny heviny araka izay mahahaingana azy indrindra.

Izany sy izany ary no antonanton'izao lalana izao.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
Tanindrazana-Fahafahana-Fahamarinana

**ANTENIMIERAM-PIRENENA**  
Assemblée Nationale

**LALANA LAHARANA FAHA-95-038**  
**anomezan-dalana ny fankatoavana ireo fanamboarana**  
**tamin'ny 1993 momba ny Fifanarahana nananganana**  
**ny fikambanana Iraisam-pirenena**  
**mikarakara ny eny an-dranomasina (OMI)**

Nolanin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriana nataony ny 15 Novambra 1995 izao lalana manaraka izao :

**Andininy voalohany.**- Omen-dalana ny fankatoavana ireo fanamboarana momba ny fifanarahana nananganana ny Fikambanana Iraisam-pirenena mikarakara ny eny an-dranomasina, izay nolanian'ny Antenimierany tamin'ny 4 novambra 1993, araka ny fanapahan-kevitra A.735 (18).

**Andininy faha-2.**- Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao lalana izao.

Hotanterahina izany fa lalàm-panjakana.

Antananarivo, ny 15 Novambra 1995.

NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAM-PIRENENA,

NY SEKRETERA,

ANDRIAMANJATO  
Mahitsison.

Richard

## **TOVANA**

# **FANAMBOARANA MOMBA NY FIFANARAHANA NANANGANANA NY FIKAMBANANA IRAISAM-PIRENENA MIKARAKARA NY ENY AN-DRANOMASINA**

## **FIZARANA VI**

### **NY FILAN-KEVITRA**

#### **ANDININY 16**

Soloina toy izao manaraka izao ny andininy faha-16 taloha :

"Miisa 40 ny mpikambana finidin'ny Antenimiera ao amin'ny Filan-kevitra".

#### **ANDININY 17**

Soloina toy izao manaraka izao ny andininy faha-17 taloha :

"Ireto avy ny fitsipika arahin'ny Antenimiera raha hifidy ny mpikambana ao amin'ny filan-kevitra izy :

a) Firenena folo izay mirona indrindra hamokatra asa iraisam-pirenena momba ny fifamoivoizana an-dranomasina ;

b) Firenena folo hafa izay mirona indrindra amin'ny varotra iraisam-pirenena mikasika ny eny an-dranomasina ;

c) Firenena roapolo izay tsy lany noho ny andalana a) na b) etsy ambony nefa manana tombontsoa manokana amin'ny fitaterana an-dranomasina na amin'ny fifamoivoizana an-dranomasina, nefa ny fifidianana azy ireo no miantoka fa ho voasolo teña avokoa eo anivon'ny filan-kevitra ireo faritra vaventy ara-taositany."

#### **ANDININY 19 b)**

Soloina toy izao manaraka izao ny andalana b)-n'ny andininy faha-19 taloha :

"b) Mpikambana 26 ao amin'ny Filan-kevitra no antsoina hoe mahatapa-draharaha."